Anaka,

Tsy fantatrao angamba Aho, anefa Izaho dia mahalala tsara anao ...Salamo 139:1 *Fantatro ny fipetrakao sy ny fitsanganao* ...Salamo 139:2 *Fantatro tsara ny halehanao rehetra* ...*Salamo 139:3* *Na ny volon-dohanao aza dia voaisako avokoa* ...Matio 10:29-31 *Satria nahariko tahaka ny endriko ianao* ...Genesisy 1:27 *Eo amiko no hivelomanao sy hihetsehanao ary hiainanao* ...Asan'ny Apostoly 17:28 *Satria terako hianao* ...Asan'ny Apostoly 17:28 *Fantatro ianao fony ianao tsy mbola noforoniko* ...Jeremia 1:4-5 *Notendreko ianao mba hofiderana ny voninahitro.*..Efesiana 1:11-12 *Tsy zava poana ianao, fa ny andro voatendry ho anao dia voasoratra eo amin'ny bokiko* ...Salamo 139:15-16 *Notendreko ny fotoan'andro hivelomanao sy ny faritry ny fonenanao* ...Asan'ny Apostoly 17:26 *Mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovako anao* ...Salamo 139:14 *Izaho no namolavola anao tao an-kibon-dreninao* ...Salamo 139:13 *Izaho no mpiaro sy namoaka anao avy tany an- kibon-dreninao* ...Salamo 71:6 *Nosimban'ireo tsy nahalala ahy ny hendriko* ...Jaona 8:41-44 *Tsy lavitra aho ary tsy tezitra, satria Izaho dia fitiavana* ...1 Jaona 4:16 *Ny fitiavan'ny Ray no tiako haseho anao* ...1 Jaona 3:1 *Satria zanako ianao ary Izaho no Rainao* ...1 Jaona 3:1 *Tiako mihoatra nohon' ny fitiavan'ny rainao niteraka anao ianao* ...Matio 6:7 *Satria Izaho no fahantanterahan'ny Ray* ... Matio 5:48 *Ny fanomezan-tsoa rehetra azonao dia avy aty amiko* ...Jakoba 1:17 *Izaho no mihahy sy mikarakara ny ilainao rehetra* ...Matio 6:31-33 *Ny fikasako ny hoavinao dia fikasana feno fanantenana hahatonga fiadanana* ...Jeremia 29:11 *Fa fitiavana mandrakizay no nitiavako anao* ...Jeremia 29:11 *Ny zava-tsoa tiako homena anao dia tsy voaisa tahaka ny fasika* ...Salamo 139:17-18 *Hifaly eo aminao amin'ny fihobiana Aho* ...Zefania 3:17 *Tsy hitsahatra amin'ny fahasoavako ho anao Aho* ...Jeremia 32:40 *Satria rakitra soa ho ahy ianao* ...Eksodosy 19:20 *Hamboly anao amin'ity tany ity amin'ny foko rehetra sy ny fanahiko rehetra tokoa Aho* ...Jeremia 32:41 *Hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina ianao* ...Jeremia 33:3 *Raha hitady Ahy amin'ny fonao rehetra ianao dia hahita Ahy* ...Deoteronomia 4:29 *Raha miravoravo amiko ianao dia homeko anao izay hirin'ny fonao rehetra* ...Salamo 37:4 *Satria izaho no miasa ao anatinao nanome anao ireny faniriana ireny* ...Filipiana 2:13 *Fa Izaho mahay manao ny zavatra rehetra mihoatra lavitra izay heverinao* ...Efesiana 3:20 *Satria Izaho no manome fanantenana sy fampionona anao* ...2 Tesaloniana 2:16-17 *Izaho no Rain'ny famimdrapo sy ny fampiononana amin'ny fahoriana rehetra* ...2 Korintiana 1:3-4 *Akaiky anao Aho rehefa torotoro fanahy sy mangorakoraka ianao* ...Salamo 34:18 *Tahakan'ny mpiandry ondry mitrotro ny ondriny eo an-tratrany no hitrotroako anao* ...Isaia 40:11 *Hofafako ny ranomaso rehetra amin'ny masonao* ...Apokalypsy 21:3-4 *Ary hesoriko ny alahelo sy ny fitarainana ary ny fanaintainana izay nahazo anao tety antany* ...Apokalypsy 21:3-4 *Izaho no Rainao izay tia anao tahakan'ny tiavako an'i Jesosy zanako* ...Jaona 17:23 *Satria eo amin'ny Jesosy no nampahafantariko ny fitiavako ho anao* ...aona 17:23 *Jesosy no endriky ny tenako sy famirapiratan'ny voninahiko* ...Hebreo 1:3 *Tonga Izy hampiseho anao fa Izaho dia momba anao fa tsy hanohitra anao* ...Romana 8:31 *Ary Izy no niteny anao fa tsy nanisa ny fahadisoanao akory Aho* ...2 Korintiana 5:18-19 *Fa maty Jesosy mba hampihavana antsika* ...2 Korintiana 5:18-19 *Ny nahafatesany no fampisehoako ny fitiavako lehibe anao* ...1 Jaona 4:10 *Nomeko anao ny tiako rehetra mba ahazoako ny fitiavanao* ...Romana 8:31-32 *Raha manaiky ny fanomezan'ny Jesosy zanako ianao dia mandray Ahy* ...1 Jaona 2:23 *Ary, tsy hisy hahasaraka anao amin'ny fitiavako* ...Romana 8:38-39 *Misy fifaliana lehibe any an-danitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka* ...Lioka 15:17 *Izaho no tena Ray, ary ho Rainao mandrakizay* ...Efesiana 3:14-15 *Ny fanontaniako dia... Manaiky ny ho zanako ve ianao?* ...Jaona 1:12-13 *Miandry anao Aho* ...Lioka 15:11-32

Ny Rainao izay tia anao.
Andriamanitra Tsitoha.

Father Heart Communications Copyright 2003 www.fathersloveletter.com Translated by Zoely CANELA